# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fizarana «badge» fitsangatsanganana teny amin'ny MBS Anosipatrana.















## MIARA-MANONJA

RMDM RODOBEN'NY MPANOHITRA HOAN'NY DEMOKRASIA ETO MADAGASIKARA

**DIASPORA LA REUNION**

### FILAZANA

Miara-mientana amin'ny **RMDM any Madagasikara sy ny RMDM Diaspora France** izahay **RMDM eto amin'ny Nosy La Réunion**. Noho izany dia mampahafantatra ny daholobe koa izahay fa miaraka mikarakara ny fitsangatsanganana iarahan'ny rehetra amin'ny **Asabotsy 06 Febroary 2021** ho avy izao, araka ny efa nambara ombieny ombieny tamin'ny onjam-peo "Miara Manonja".

Noho izany, ho antsika eto La Réunion dia hisy ny fanohanana ny hetsika amin'ny alàlan'ny **fanofana ny fiara fitateran'olona** maromaro, arak'izay tratra, mba afahan'ny vahoaka sahirana mandray anjara maimai-poana amin'ny fitsangatsanganana.

Rehefa natao ny kajy dia manodidina ny **30€** eo no saran'ny fanofana fiara mpitatitra olona iray, toy ny Sprinter na Mazda (12 ihany no isan'ny olona zakan'ny fiara iray noho ny fanajana ny fepetra ara-pahasalamana). Ka entanina isika eto La Réunion handray anjara mba afahan'ny mpikarakara manofa fiara maro, entina hitaterana ny havana Tia Tanindrazana rehetra, mandroso sy miverina. **Ireo Zokiolona sy Ireo havana misy fahasembanana no omena ny laharam-pahamehana hisitraka ireo fiara hofaintsika.**

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fanangonana ny vola dia azo atao ny mifanoratra amin'ny alàlan'ny MP amin'ny pejy Facebook ***Les Indignés de Madagascar 974*** na miantso ny 0692 43 44 79.

Veloma mandra-pihaona, ary samia ho tahian'Andriamanitra.

Mankasitraka indrindra Tompoko.

Saint-Denis, 02 Febroary 2021